# Gazetiko 25 TAONA 2
## FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA

### AMBATONDRAZAKA 12
# BEN'NY TANANA MATY TAO AMIN' NY TRANO FANDRAISAM-BAHINY


# Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7521 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 15 martsa 2023


### MARINA IZANY ! 4
## LASIBATRA NY TANORA !

### WORLD CUP 2023 "U19" 2



## HIARAKA AMIN'NY USA, SLOVÉNIE, LIBAN NY ANKOAY

### GAZETIKO 25 TAONA
## VAVOLOMBELON'NY TANTARA
5 6 7 8

### FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 4
# HAMPIHAONA NY HERIVELONA REHETRA NY CENI NY ZOMA 24 MARSA IZAO




### AMPEFY - RAHARAHAN-TANY 9



## HANAO FANADIHADIANA NY DEPIOTE RAHOLDINA

### ANTOKO AVI 4



## HANDEHA IRERY AMIN'NY FIFIDIANANA DEPIOTE SY BEN'NY TANÀNA

### FAMPIANARANA AMBONY 9
# MPIANATRA 6 NAIDITRA AM-PONJA




Basket - " World Cup 2023 / U19 "

# Tafaraka amin'i Liban, USA, Slovenie ny Ankoay Madagasikara



Ilaina mihitsy ny fanomanan-tena any ivelany, alohan'ny hiatrehana ny " W.C ".

Tontosa omaly ny antsapaka, nahafantarana ny ekipa hiray vondrona amin'ny fiadiana ny tompondaka erantany amin'ny basket-ball, natokana ho an'ny zatovolahy latsaky ny 19 taona, izay hotanterahina any Debrece (Hongrie) amin'ny sabotsy 24 jiona 2023 ka hatramin'ny alahady 02 jolay 2023. Tafaraka amin'ny ekipam-pirenen'i Liban sy Etazonia (USA) ary Slovenie, ao anatin'ny vondrona B, ny ekipam-pirenentsika ANKOAY, izay tompondaka lefitr'i Afrika 2022 tamin'ny « U18 » natao teto amintsika ary taorian'i Egypte. Ampahatsiahivina fa tompondakan'i Amerika i Etazonia no sady tompon'ny amboara farany tamin'ny " World Cup U19 ". Nitana ny laharana faha-3 tany Azia kosa i Liban, ary laharana faha-4 tany Eraopa i Slovenie. Mahatratra 16 ny isan'ny ekipa mandray anjara amin'ity " World Cup 2023 / U19 " ity, izay nozaraina ao anatin'ny vondrona efatra misy ekipa efatra avy. Ao anatin'ny Vondrona A no ahitana an'i Canada – France – Chine – Espagne ; Vondrona C : Serbie – Japon – Bresil - Egypte ; Vondrona D : Argentine – Korea Atsimo – Hongrie – Turquie. Ekipa anankiroa isaky ny vondrona misy azy no ho tafita hiatrika ny lalao ampahefa-dàlana. Mikasika ny ANKOAY manokana, dia mihevitra ny federasionina fa hampanao fanomanan-tena ny mpilalaontsika any ivelany. Mpilalao izay heverina fa tsy hisy hiandry dabilio intsony fa afaka misolo ny toeran'ny tompon-toerana avokoa rehefa ampidirina eny ankianja. Zava-dehibe amin'ny fiatrehana ny fifaninanana ny fanaovana ny fanomanan-tena any ivelany no sady hanombanana ny lentan'ny ekipam-pirenentsika, hisorohana indrindra ihany koa ny tsy fahazarana miatrika fifaninanana avo lenta tahaka ny " World Cup ". Tsara ampahafantarina fa tamin'ny taona 1970 ny vehivavy "senior" dia tompondakan'i Afrika tany Lomé (Togo). Tamin'ny taona 1971 dia nisolotena ny kaontinanta mainty ny firenentsika, niatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, notanterahina tany Sao Paulo (Bresil). ALEFA ANKOAY

**aris rafaly**

Rugby

# Nodimandry tampoka i Lanja be Makis de Madagascar

Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika, nodimandry tamin'ny alatsinainy 13 marsa teo amin'ny faha-21taonany Andriamasinjanahary Lanja Fiononantsoa, dit Lebigane Makis de Mada. Hatairana ny an'ny rehetra ao anatin'ny tontolon'ny baolina lavalava teto amintsika raha naheno ity vaovao ratsy ity. Ireo akaiky azy moa dia tena gina tanteraka satria anatin'ny tanjaka sy hery i Lanja be izao nindaosin'ny fahafatesana tampoka izao. Isan'ny tena nankafy Rugby ny tenany. Mbola kely dia efa nilalao baolina teny antanimbary. Nanomboka sokajy « cadet » izy no niditra tao amin'ny klioban'ny Us Ikopa, izay pilier anatin'ny pack d'avant. Rehefa niakatra junior dia tsikaritry ny mpanazatra ny ekipam-pirenena ka nantsoiny handrafitra ny Makis de Madagascar latsaky ny 20 taona, hiaro ny voninahi-pirenena tany Kenya, tamin'ny 2021. Mbola tsy manambady moa i Lanja be, faralahy ao anatin'ny fianakaviany. Anio amin'ny 1ora tolakandro no hiala ao amin'ny tranony Andohatapenaka ny nofo mangatsiakany, hoentina hatao veloma farany ao amin'ny fiangonana katolika Andohatapenaka, alohan'ny hitondrana izany eny amin'ny fasan-drazany ao Ambohidava Ambohimidasy Ambohidrapeto. Azo lazaina fa namela banga tanteraka eo anivon'ny baolina lavalava eto Madagasikara izao fahalasanan'i Lanja be izao, mpilalao tsotra sady nanana ny fahaiza-manao ny tenany. Nahay nifandray sy nifanerasera ary tena nifankahazo am-po tamin'ireo mpilalao namany, indrindra fa ireo mpitantana ny klioban'ny Us Ikopa izy. Isan'ny nahazoana ireny fahombiazana tany Kenya tamin'ny 2021 ihany koa i Lanja be, izay efa nanomboka nametraka ny toerana sy anarany, na teo amin'ny fifaninanana TOP20 na tany amin'ny iraisam-pirenena, saingy indrisy fa izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany manontolo.

**Rabenaivo**




Nanana ny toerany tao anatin'ny klioban'ny UsIkopa sy ny Ekipam-pirenena i Lanja be.

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

*And. 1 :* Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady amanjanany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

*And.2 :* Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

*And.3 :* Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

*And.4 :* Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

*And. 5 :* Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

*And. 6 :* Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

*And.7 :* Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

*And. 8 :* Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..........................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................................

Adiresy : ..........................................................................

Laharana finday : ..........................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara** ***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny* ***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Princesse Music

# Hiezaka hamoaka hira maromaro ato ho ato

*Mpihira tao amin'i Delphin, Dadda Samy ary mpanakanto maro i Princesse Music vao nandeha irery tamin'izay.*



**Artista avy any Toamasina i Princesse Music.**

Raha vao miresaka hoe Princesse Music dia ny gadona soukous sy ny slow milamindamina ary indrindra ny tononkira mitondra hafatra no mby ao an-tsaina avy hatrany. Tany amin'ny taona 2000 tany ity kintan'ny hira avy any amin'ny faritra atsinanan'ny Nosy ity no nanomboka fantatra teo amin'ny tontolon'ny mozika, i Tina Princesse Music. Niaraka nivazo tamin'i Delphin (Pecto raika) izy tany amboalohany, fa taty amin'ny taona 2007 kosa no nanapa-kevitra ny handeha irery. Ilay hira hoe « *Fandeferana* » no ahafantaran'ny maro azy, fa tamin'ny fiandohan'ny taona ity dia namoaka hira roa izy, dia « *Tsy maintsy* », sy « *Fiainan'olon-droa* ». Nambarany fa efa maro ny hirany, ka hatramin'izao dia ny hamoaka ireo vazony ireo aloha no himasoany. Koa ato ho ato dia maromaro ny hiran'i Princesse Music hiparitaka amin'ny youtube sy ny haino aman-jery eto amintsika.

**Hira evanjelika**

Ankoatra ny hiram-pitiavana dia fantatra fa manana hira evanjelika maromaro ihany koa i Princesse Music. Anisan'ny ahalalan'ny maro azy ihany koa ny hira hoe « *Tsymanankery* ». Hamoaka ireo hirany ara-pilazantsara ireo ihany koa ny programany ato ho ato. Araka ny fanazavany dia ny rainy avokoa no mamorona ireo vazony ireo. Mr Roja, mpikambana ao amin'ny tarika Kalamba sy Lien Bouesa ity rainy mamorona ny hirany ity.

Mbola tsy anatin'ny programan'i Princesse Music ny hiaka-tsehatra aloha hatramin'izao. Antenaina fa rehefa tafita any amin'ny mpankafy ny hafatra dia ho avy amin'izay ny fiakarany sehatra na eto an-toerana na any ampitan-dranomasina.

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fahaizanao mijery ny ho avy tsaranao rahampitso no zavadehibe kokoa, toy izay manao dia mianoatra, kanefa ny lasa ratsinao, nankarary, nampijaly. "

**Ny Vetso (03. 06.15)**

("How you see your future is much more important than what has happened in the past.")

Henri Ratsimbazafy

# Hankalaza an-kira ny faha-90 taonany etsy Antanimena



**Fety tsy hanam-paharoa no hatolotry ny mpikaraka amin'izao fankalazana ny faha-90 taon'i Henri Ratsimbazafy izao.**

*" Tso-drano avy amin'ny ray aman-dreny sy Fitahiana ary ny fahasoavan'Andriamanitra no mbola maha toy izao ahy*", hoy i Henri Ratsimbazafy nandritra ny resaka nifanaovana taminy omaly mikasika ny fankalazana ny faha-90 taonany tetsy amin'ny Phô Resto Ankorondrano. Hankalaza izany amin'ny fomba miavaka etsy amin'ny Cc Esca Antanimena izy ny 2 aprily izao hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Maro ny mpanakanto nasainy hanotrona azy amin'io fotoana io saingy mbola nijanona ho tsiambarambara aloha izany hatreto, fa amin'io andro malaza io vao ho fantatra. Hira tsy latsaky ny 30 no atolotra ny mpankafy ary tsy novaina ny fomba filalaovana mozika mandravaka ny hira fa ilay fanaovany azy hatrany am-boalohany. *"Somary sarotiny kely amin'izay firafitry ny hirany izay i Henri Ratsimbazafy"* hoy ny mpitendriny. Eo am-panaovana famerenana izy ireo amin'izao fotoana izao ka ireo hira tena nanamarika azy sy ny mpankafy nandritra ny 60 taona nihirany no arosony. *"Tsy ho vita ao anatin'ny adiny 3 raha ny hira rehetra, izay efa mihoatra ny 250, ka izany no anton'ny safidy"*. hoy i Henry Ratsimbazafy. Inoana anefa fa hifanaraka sy tsy hanalavitra ny lohahevitra nofidiany hoe "Mamy indray ny miaina…" ireo hira ireo ary tsy handiso fanantenana ny mpankafy. Amidy manomboka rahapitso eo anoloan'ny Cc Esca Antanimena ny tapakila. Misy karazany telo izy ireo ka anjaran'ny mpankafy no mahafantatra izay mety aminy. Tsara kokoa anefa ny manao famandrihana, indrindra fa ny toerana ao ambany. Ho an'ireo izay tsy te hisahirana anefa dia azony atao ihany koa ny manjifa izany amin'ny alalan'ny "Ticket place".

**Fotoam-bavaka**

Alohan'izany anefa dia fotoam-bavaka lehibe hatao etsy amin'ny FJKM Ankadifotsy no hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fankalazana ity ny tsingerin-taona faha-90 ity, ny 29 marsa izao hanomboka amin'ny 9 ora sy sasany maraina. Mifanandrify tsara amin'io daty io ihany koa ny daty sy volana nahaterahan'ity andrarezin'ny kanto malagasy ity ka manasa ny rehetra izy hanotrona izany. Mpanohana ofisialy ny fankalazana ny Airtel Madagasikara. Nambaran'i Anna Ratsimbarison, tompon'andaikitry ny serasera, fa tsy vao izao ny Airtel Mdagasikara no nanohana hetsika arakolontsaina fa efa hatry ny ela. Tanjon'izy ireo ny fampiroboana ny kolontsaina sy kanto malagasy ary indrindra ny fanohanana ny mpanakanto malagasy.

**Tiaray R**

IFM

# " Designer " 60 sy ny asa famoronana nataony no haranty

Misokatra nanomboka ny alatsinainy teo etsy amin'ny IFM Analakely ilay fampirantiana "Designer(s) du Design". Fampirantiana iray mifanindran-dalana amin' ilay hetsika "Tana design Week" ihany izy ity, saingy ho azy ireto dia ny "No design" no mikarakara izany, ary mahakasika ireo « designer » avy any ivelany na hoe mpamorona ariraha mihitsy no haranty ao. Misy 60 isa be izao ireo « designer » hampahafantarina mandritra izany ary hasongadina ao avokoa ireo zava-bitany. Anisan'ny ho hita ao ohatra ireo sary maneho ny tontolo iainana, ny fahasamihafana, ny fivoarana, izay efa novolavolain'izy ireo. Fa ankoatra izay dia ho hita ao koa ny fomba famoronany, ny fandraisany anjara amin'ny fanatsarana ny tontolo manodidina azy, ny fampitana ny zava-misy, ary famokarana amin'ny fomba fanao isan-karazany. Marihina moa fa ireo mpamorona ireo dia mampiseho ny toe-tsaina frantsay manerantany, satria izy ireo dia mpamorona mpanoratra - manana tolo-kevitra hatao -, mpamorona mandray anjara - maniry ny hizara izany amin'ny olona maro araka izay azo atao - ary mpanentana - nampianatra, namorona, nampita na nanentana ny taranaka manaraka. Ankoatra ny fampirantiana dia hisy koa ny valandresaka iarahana amin'i Jean-Louis Fréchin avy amin'ny NoDesign izay hatao anio amin'ny 4 ora hariva.

**Tanya.R**

Seranam-piaramanidina Ivato sy Nosy Be

# Hiova endrika hanaraka ny fenitra ny takelaka ho an'ny dokam-barotra

Nanao sonia fiaraha-miasa amin'ny fitantanana ny dokam-barotra amin'ny endriny rehetra eny amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Antananarivo sy Nosy Be ny Ravinala Aiports sy ny Aeorpub. Ity farany no nahazo ny antso iraisampirenena ho an'ny tolo-bidy natomboka tamin'ny taona 2020 ho an'ny fitantanana ny sehatra fanaovana dokambarotra eo anivon'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Antananarivo sy Nosy Be. "Hamaly ny hetahetan'ireo orinasa maniry ny hampivelatra sy hampahafantatra bebekoa ny vokatra misy ao aminy mba ho hitan' ny olona no tena tanjon'ny Aeropub, noho ny hamaroan'ny mpivezivezy mampiasa ny zotram-piaramanidiana eny Ivato, raha araka ny fanazavana nomen'i Felana Rakotoalivololona, "Administrateur Général" eo anivon'ny Aeropub. Manaraka ny teknolojia vaovao ary nomerika avokoa ny fitaovana entiny manao izany dokam-barotra izany. Nohezahina hanaraka ny fenitra iraisam-pirenena, toy ny fandefasana takelaka mandeha amin'ny herin'ny masoandro mba hahafahan'ny rehetra misitraka izany izany tsy an-kiato. Ankoatra izay, ny Aeropubs ihany koa dia hikarakara hetsika ara-barotra amin'ny toerana sasany talaky maso eny amin'ny seranam-piaramanidina, hikarakara fampirantiana, fivarotana tselatra na hisafidy ny fivarotana andalambe.

Tetsy ankilany, araka ny fanazavan'i Julien Coffinier, tale jeneralin'ny seranampiaramanidina Ravinala, ity vina ity dia manomboka amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny tolotra eny anivon'ny seranam-piaramanidina. Nikorontana ny dokam-barotra teo aoha ary nampisy fiantraikany teo amin'ny faharisihan'ny olona manaraka azy, ka naharatsy endrika ny seranam-piaramanidina. Ny fanankinana ny fitantanana ny dokambarotra amin'ny orinasa matihanina amin'ity sehatra ity dia hanome fomba fijery vaovao ny seranam-piaramanidina.

**Tiaray R**

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 494/20-11)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, fanaka, cahier, bisikileta, machine, TV. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-6)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-4)

### FAMPIANARANA

* Sahaja Yoga mampianatra méditation gratuit @ A.N.S Ampefiloha isaky ny Alahad. Tél : 034.66.819.53. (G-BA 501/7-4)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 504/6-1)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, puisard, réhabilitation, pompage. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-3)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 480/10-2)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00/ 034.20.084.25. (G-BA 490/15-14)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-7)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 503/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 503/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 503/6-1)

## Marina izany !

### Lasibatra ny tanora !

**Mampametra-panontaniana ny fahanginan'ny tompon'andraikitra, manoloana ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina eto. Mbola mampametra-panontaniana koa ny hoe: Nahoana no tsy resahina firy izy ireny, nefa laraha-mahalala fa maro ny tanora no lasibatra. Misy mihitsy aza ny omena azy ireny an-kolaka, ka na ampidirina amin'ny sakafo na amin'ny ranom-boakazo na zava-pisotro misy alikaola sotroina, mandritra ny fetifety. Tsy ny tanora ihany fa misedra olana ihany koa ny raiamandren'ireo tafaroboka, satria na mitady vahaolana hanalàna ny zanany amin'ny zava-mahadomelina na voatery mitady ho azy ireny, rehefa tena tsy afa-miala ka ahiana haningotra ny aina. Fantatra anefa fa tambazotra matanjaka sy volabe no ao ambadik'izy ireny, manomboka amin'ny fampidirana zava-mahadomelina eto an-tanindrazana izay tsy ny olon-tsotra aloha no hanam-pahefana amin'izany; ny goragora amin'ny fanaraha-maso ny fivarotana azy ireny, eto an-danan-dehibe sy any ambany ravin-kazo any ary ny fiarovana ireo mpibizina, raha sendra misy olana na tafakatra eny amin'ny mpitandro filaminana sy fitsarana ny raharaha. Ny mateti-pitranga anefa dia haingana ery ny fisamborana sy ny fampidirana am-ponja vonjimaika, raha vao olon-tsotra sy trondro madinika no ahatratrarana rongony na mamboly azy ireny. Tsy vitan'izany fa vetivety ny fanaparitahana ny sary, mitampi-maso eny amin'ny tambajotra sôsialy. Marihina anefa fa mafy sy mahery lavitra ny fiantraikan'ireny zava-mahadomelina avy any ivelany ireny amin'ny vatana, miohaatra amin'ny rongony. Antony anentanana ny tompon'andraikitra hihaino ny feon'ny fieritreretany fa ny vola ange tsy hangidy e !**

Voahangy Rakotozafy

Antoko AVI

## Handeha irery amin'ny fifidianana depiote sy ben'ny tanàna

Ny tao Toliara renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana indray no nandray ny hetsika Ainga vao ifotony nataon'ny antoko Asa Vita no hifampitsarana, na AVI omaly. Nitarika izany tany an-toerana ny Filoha mpanorina ny antoko, Atoa Ratsirahonana Norbert Lala, notronin'ireo filoha mpiara-mitantana. Isan'ny fanambarana politika goavana nataon'ny Filoha mpanorina ny AVI ny nilazany fa handeha irery izy ireo amin'ny fifidianana depiote sy ben'ny tanàna. « *Ho anareo izay ho kandidà amin'ireo fifidianana roa ireo dia tokony ho efa manoman-tena tsara fa tsy mora ny miatrika izany. Raharaha sarotra ny fifidianana ary mila ny hoenti-manana rehetra vao tokony hihazakazaka hifananana* », hoy izy tamin'ny kabariny. Tetsy andanin'izany, nolazainy fa tsy misy « consigne de vote » ho an'ny mpikambana AVI amin'ny fifidianana Filoham-pirenena, izay mety hatao amin'ity taona 2023 ity. « *Manana safidy malalaka ny mpikambana amin'izay halehany* », hoy ihany Ing Ratsirahonana Norbert Lala. Ankoatra io, dia nanentana ny vahoaka hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana ny tenany.

**JUDD**



**" Raha tsy misy ny hoenti-manana aza milatsaka hofidiana fa mandrebireby vahoaka ", hoy Ing Ratsirahonana tany Toliara.**

Fifidianana Filoham-pirenena

## Hampihaona ny herivelona rehetra ny CENI amin'ny 24 marsa

*Ankoatra ny mpanao politika dia antsoiny hanatrika izany ihany koa ireo Raiamandreny ara-panahy eto amin'ny firenena.*

Resy lahatra ry zareo eo anivon'ny CENI fa tsy azo ihodivirana ny fifampidinihan'ny herivelona rehetra eto amin'ny firenena mialoha ny hirosoana amin'ny fifidianana izay ho Filohan'ny Repoblika manaraka. Omaly dia nampahafantatra Ing. Dama Andrianarisedo fa mikarakara adihevitra handraisan'ny rehetra anjara io rafitra mpikarakara fifidianana io amin'ny zoma 24 marsa ho avy izao. *"Mba hiantohana zotram-pifidianana azo antoka sy mangarahara dia hanatanteraka dinika hifanakalozan-kevitra hanasana ireo solontena avy amin'ny firaisamonina politika, avy amin'ny firaisamonim-pirenena, avy amin'ny holafitry ny mpanao gazety sy ireo solontena avy amin'ny haino vaky jery, ireo solontena avy amin'ny mpisolovava, ireo Raiamandrenim-piangonana ary indrindra ireo avy amin'ny vondrona iraisam-pirenena izahay"*, hoy io laharana voalohany eo anivon'ny CENI tamin'izany. Manaraka izany, namaly ny fitakian'ny mpanao politika ivelan'ny fitondrana amin'ny tokony hanaovana fitsirihana ny lisitry ny mpifidy vaovao ihany koa Ing. Dama Andrianarisedo. Nambarany tamin'izany fa mba hisian'ny fifampitokisana mikasika ny rindram-baiko nandrafetana ny lisitry ny mpifidy sy ny vokatra azo nandritra ny fanavaozana tanteraka izany lisitra izany, dia hisy ny fitsirihana ara-kajy mirindra na "audit informatique" izay hiarahany amin'ny Organisation Internationale de la Francophonie – OIF ato ho ato.

**Mamy R.**

Loholona Eddie Fernand tao Antalaha

## Nampisongadina ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana

Mitohy hatrany ny fidinana ifotony nataon'ny senatera Eddie Fernand sady kestoran' ny Antenimierandoholona ao amin'ny faritra SAVA. Tao amin'ny distrikan'Antahala ny tenany ny herinandro lasa teo nanatrika ny lanonana famoahana tamin'ny fomba ofisialy ireo polisy kaominaly tao an-toerana. Tamin'ny fandraisam-pirenena nataony no nampisongadinany ny maha zava-dehibe ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana eny anivon'ny kaominina. Manaporofo izany fa miahy mandrakariva ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana ny Antenimierandoholona. Ankoatra izany, nandray anjara tamin' ny hetsika fambolen-kazo nataon'ny COSEF tao amin' ny kaominina Ambinanifaho Atoa Loholona Eddie Fernand. Nisy ihany koa ny fankalazana ny andron'ny 8 marsa nandraisan-dRtoa Fleuricia Tsarasoa Feranand, vadin'Atoa Loholona, fitenenana ka nankaherezany ireo vehivavy rehetra ao amin'ny faritra SAVA.

**JUDD**

Famatsiam-bola ny fifidianana

## Nandresy lahatra ny Amerikana ny Antenimierampirenena

Miha manakaiky hatrany ny datin'ny 9 novambra kendrena hanatanterahana ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana izay ho filohan'ny Repoblika. Mbola baraingo anefa hatramin'ny omaly ny vola hoenti-manatanteraka izany fifidianana izany. Raha tsy hita be niany ny eto amintsika dia sahala amin'ny mbola malaindaina hamoaka vola ihany koa ireo mpiara-miombona antoka avy any dilambato. Tsikaritra ho tsy manao ambany maso tsy hita ity farany ireo mpitondra fanjakana ka miezaka manao pi-maso sy mifampiresaka amin'ireo mpiara-miombona antoka ireo. Araka ny loharanom-baovao avy eny anivon' ny Antenimierampirenena izao dia nifampidinika tamin' ny Masiovohon'i Etazonia Rtoa Claire Annette Pierangelo mikasika izany famatsiam-bola momba ny fifidianana izany Rtoa Christine Razanamahasoa, nandritra ny fitsidihana arapomba fanajana nataon'itsy voalohany teny Tsimbazaza, omaly. Dia ho hita eo izay ho vokatry ny fandresen-dahatra !

**Mamy R.**


### TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Manal azy de mimeme



# Gazetiko

## Vavolombelon'ny tantara

*Isan'ny anjara biriky nentin'ny Gazetiko nanamarika ny tantaram-pirenena ny famoahana ireo vaovao politika nafana teto Madagasikara. Indro atolotra anao amin'ity pejy manokana ity ireo lohateny sy lahatsoratra nanasongadina ireo krizy politika nolalovan'ny firenena. Eto ambany amin'ny ilany havia dia ny lohatenin'ny Gazetiko laharana faha- 1209 nivoaka tamin'ny 6 avrily 2002 sy ny lahatsoratra mifandray amin' izany no ampahatsiahivina anao mpamaky. Mbola vao loko roa fotsiny ny lohateny tamin'izany ary mainty sy fotsy ireo pejy rehetra tao anatiny. Avohitran'io lohateny io ny fisian'ireo mpanao politika mpanakorontana sy nanapotika fotodrafitrasa, ary niketrika fatratra ny fanonganana an'Ing Marc Ravalomanana, izay Filoha nitondra tamin'io vanim-potoana io. Eto amin'ny ilany havanana kosa ny lohatenin'ny Gazetiko laharana faha-3314 nivoaka tamin'ny 17 marsa 2009. Nampisongadina ny fandraisana andraikitry ny foloalindahy sy ny fepetra nentin'izy ireo namahana ny krizy politika tamin' izany io lohateny io.*


NOKAPAIN'ILAY MPANENDAKA TAMIN'NY ...

Gazetiko

HATAO HAZA LAMBO IREO ④

MPANAPOTIKA TANINDRAZANA

NA AIZA NA AIZA MISY AZY IREO

MAHAJANGA

TOAMASINA

NIDINA AN-TSEHATRA AMIN'NY FAHARAHA-MASO NY PRAIMINISITRA SY NY MINISITRY NY VAROTRA ⑤


NASESIN-DRANGAHY NOVONOINA NY VADINY SY NY ZANANY TELO

Gazetiko

TAFIKA - POLISY - ZANDARY

NAMETRAKA FEPETRA IZY IREO


Gazetiko

HATAO HAZA LAMBO NA AIZA NA AIZA MISY AZY IREO MPANAPOTIKA TANINDRAZANA


Talata 17 marsa 2009

Gazetiko

Tafika - Polisy - Zandary

Nametraka fepetra izy ireo

***Hita miavaka teto fa efa tamin'ny loko samihafa no nivoahan'ny endriky ny Gazetiko tamin'ny taona 2009. Na ny lohateny na ny lahatsoratra tao anatiny dia niloko avokoa. Nisy fivoarana ny lafiny famoahana ny lahatsoratra ka tanjona tao anatin' izany ny hanomezana zavatra tsara hatrany ny mpamaky, mba hanamorana ny fampitana sy ny fizarana vaovao amin'izy ireo. Nanao ezaka ny Gazetiko mba tsy ho tara ka hanaraka ny toetrandro manoloana ny fivoaran'ny teknôlôjia.***

# 25 taona

## Fankalazana ny Fetin

# Nakotroka ny faha-40 sy 50 taona,

*"Gazetiko, vavolombelon'ny tantara". Izay no lohahevitra harahina eto amin'ity lahatsoratra ity. Eto dia ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena, tamin'ireo vanin'andro lehibe no asongadinay. Ny fankalazana ny faha-40 taona, ny taona 2000 ; ny fankalazana ny faha-50*

## Faha-40 taonan'ny fahaleovantena








Teo amin'ny kianjaben'i Mahamasina no nanatanterahana ny matso lehibe ny 26 jona 2000. Ny filoham-pirenena Ratsiraka Didier no nitondra ny tany sy ny Fanjakana sady filohan'ny tafika tamin'izany. Isam-paritra dia saika nankalaza izany fetim-pirenena izany avokoa.

Andro lehibe ho an'ny vahoaka malagasy rahateo ny 26 jona, ka amin'io no miakatra mamonjy ny renivohitra misy azy avy ny ankamaroan'ny Malagasy mamonjy fety. Mijery matso sy mihaino kabary ary milanonana avy eo.

## Faha-50 taonan'ny fahaleovantena






Fety goavana teto amin'ny firenena ny fankalazana ny faha-50 taona nahazoana ny fahaleovantena, ny 26 jona 2010. Ny filohan'ny tetezamita Andry Nirina Rajoelina no nitondra ny tany sy ny fanjakana sady filohan'ny tafika tamin'io fotoana io. Nandritra ny andro maromaro ny fety aman-danonana saika manerana ny Nosy. Mpanakanto maro no nanafana ny fotoana na teto an-drenivohitra izany na tany amin'ny faritra maro manerana ny Nosy. Nisy ny fampisehoana goavana maimaimpoana teo amin'ny kianjaben'i Mahamasina taorian'ny matso notanterahin'ny foloalindahy. Nifaly ny vahoaka manontolo, nisy ny fametrahana tsangambato ho marik'izany.



etiko

## n'ny Fahaleovantena

# , fa nangina tanteraka ny 60 taona

***taona ary farany ny faha-60 taona. Tamin'ireo roa voalohany, nakotroka ny fety, niara-paly ny vahoaka malagasy. Tamin'ity farany kosa, nangina tanteraka ny tanàna ary tao anatin'ny fahanginana no nanatontosana ny fankalazana nataon'ny foloalindahy.***

## Faha-60 taonan'ny fahaleovantena












**Sary tahiry**
**Soratra : Fy - Tanya - Tiaray**

Nangina ny tanàna nandritra ny fankalazana ny faha-60 taonan'ny fahaleovantena ny 26 jona 2020. Ny antony, tao anatin'ny krizin'ny aretina " covid-19 " isika. Nisy ny fihibohana, ka tsy nisy afaka nivezivezy ary noferana ny fivoahan'ny olona ny trano fonenany. Feno barazy avokoa ny ankamaroan'ny lalana. Hentitra ny fiambenana ny toerana nanatanterahana ny matso teo Analakely (Araben'ny Fahaleovantena). Ny filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina no nitondra ny firenena sady lehiben'ny tafika. Olom-bitsy nasaina manokana no afaka nanatrika izany teto Antananarivo, fa tsy nisy kosa ny fety aman-danonana manerana ny Nosy. Mpitandro filaminana 4000 no niambina mba tsy hisy ny fihoaram-pefy hanao fety na latsaky ny 50 aza. Taty amin'ny taona 2022 vao niverina indray ny fety aman-danonana nentina nankalaza ny 26 jona.

aona

**Gazetiko**

## Gazetiko 25 taona

# Mijoro vavolombelon'ny tantara ny Mpanao gazety pôlitika Voahangy Rakotozafy

***Gazetiko : 24 taona izao no nahitan'ny mpamaky ny diam-peninao teto amin'ny gazetiko, mahakasika indrindra ny raharaham-pirenena sy ny pôlitika, ahoana no niatrehanao izany fotoana lava be izany ?***

**V.R.** : Ny taona 1999 tokoa no nanomboka nanoratra tato amin'ny Gazetiko ny tenako, rehefa nahavita fianarana mikasika ny lalàna, tany amin'ny oniversiten'Andrainjato (Fianarantsoa) ary nanohy mahakasika ny asa fanaovan-gazety, tarika indray mihira fahatelo, teny Ankatso. Toy ny asa rehetra, nifandimby teny ny mahafinaritra sy ny manahirana, saingy tiana sady safidy ilay asa ary efa voaomana mialoha ny saina aman'eritreritra ka tsy nomen-danja loatra ny olana. Ny mifanohitra amin'izany no foto-pisainana nentina niasa, satria notanterahina am-pitiavana ny asa. Fiaraha-miasa rahateo ny asa fanaovan-gazety, manomboka amin'ny fitadiavam-baovao, mitohy amin'ny fanoratana azy hatolotra ny mpamaky, ny fandrindrana ny pitsopitsony teknika rehetra mandra-pivoakany an-taratasy ka napetraka ho zava-dehibe hatrany ny fifampiresahana sy ny fifanohanana, niatrehana ny tranga sarotra.

***Gazetiko : Isan'ireo efa niandraiketanao ny fikirakirana ny trangam-piarahamonina, izay saika mitatitra trangan-javatra mampatahotra na mampihororoo, toy ny asan-jiolahy, ny vonoan'olona. Inona ny azonao ambara mikasika izany?***

**V.R.** : Fanapahan-kevitra noraisin'ny mpitantana ny Gazetiko hatrany ampiandohana ny tsy maintsy hanombohan'ny mpanao gazety vaovao ny fikirakirana ny zava-misy (fantatra amin'ny hoe « faits divers »). Ho ahy manokana, enimbolana no nanatanterahana izany.Tsy afenina fa somary nanahirana ahy ny nanatanteraka io asa io, indrindra ny fahitana lozam-piarakodia ahitana olombelona mihosin-dra, noho ny ratra. Tsy latsa-danja noho izany ny fitsidihana hôpitaly sy ny tranom-paty, eny an-tsefatsefany eny, ao anatin'ny fitrandrahana vaovaom-piaraha-monina avokoa izany. Nisy fotoana tsy naharitra fa nangataka tamin'ny talen'ny fanoratana mba hiova asa, saingy tsy nahazo valiny nahafa-po satria mbola tsy feno hono ny fe-potoana. Nanomboka tamin'ny taona 2000 kosa no niandraiketana ny fanoratana ny pôlitika ary mbola mitohy hatramin'izao. Teny anelanelany teny, tsy nijanona nanaraka fiofanana sy nampitombo traikefa, tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombona antoka amintsika vahiny, indrindra mandritra ny fotoam-pifidianana. Ankoatra fifampiresahana amin'ny tompon'andraikitra ambony isan-tsokajiny dia fotoana anisan'ny nankafizina ny fivoahana any ivelany izay sady mampitombo fahalalana no noharaotina ihany koa hahafantarana ny fomba fanao any amin'ny firenen-kafa.

***Gazetiko : Heverina fa sarotra sy henjana ny zava-nitranga teto amin'ny firenena nandritra ireny krizy sy fihetsiketsehana nifanesy ireny. Teo hatrany ianao nandritra ny raharaha 2002, 2009 ary 2018. Nanao ahoana ny fikaroham-baovao sy niainanao izany?***

**V.R.** : Amin'ny ankapobeny, ny mitrandraka vaovao mandritra ny krizy mihitsy no tsy mora, indrindra rehefa ao anaty sakoroka. Mitaky fahamailoana sy fifantohana amin'ny zava-misy ary fanarahana ny fepetra apetraky ny mpitandro filaminana izany, rehefa eny an-kianja. Indrindra tsy ilaozan'ny trangan-javatra tsy ampoizina, any anaty vahoaka mifanitsa-kitro any. Ny tsy lavitra ny mpitandro filaminana hatrany no toerana tsara hijoroana, indrindra rehefa mafanafana ny toe-draharaha ka ahiana hisy ny fifandonana, amin'ny fotoana nandravana fitokonana na famerenana amin'ny laoniny ny filaminana. Tsy azo hadinoina koa anefa fa fifaninana ny fitrandrahana vaovao ka satry hatrany hahita ny tsy hitan'ny hafa, mba hampiavaka ny lohatenin'ny gazety amin'ny an'ny maro. Eo no tena ilana fitandremana, mba sady ho feno ny vaovao nefa ny tena tsy hitondra takaitra na sanatria hamoy ny aina, satria efa nitranga izany teo amin'ny namana.
Mikasika ny krizy 2002 manokana izay tsiahivina fa teny Ambohijatovo sy teo amin'ny kianjan'ny 13 mey fahizay no ivony dia azo lazaina ho mbola tsy dia nanano sarotra ny fikaroham-baovao. Antony, amin'ny ankapobeny dia nisokatra ny loharanom-baovao na tamin'ny tompon'andraiki-panjakana, na tamin'ny mpanao pôlitika na tamin'ny mpitandro filaminana, afa-tsy izay nosokajian'izy ireo ho mbola tsiambaratelo ka noahiany hanimba ny paikadiny. Maro ihany koa ny mpanao pôlitika no nifankahazo am-po tamin'ny mpanao gazety, indrindra fa mbola nipetraka ny fifampitokisana ka tsy dia nanao sarotra ny fitrandraham-baovao.
Mahakasika ny krizy tamin'ny taona 2009 dia tsy tsikaritra ho nitovy hatrany ny fomba fitrangan'ny krizy sy ny tanjon'ny mpanao pôlitika. Saingy nampiavaka azy ny fampandraisana anjara ny sarambabem-bahoaka, tamin'ny alalan'ny fanentanana azy ireo nandroba. Tamin'ireny fotoana ireny no nilana fahamailoana, satria tao anatin'ny vaovao notrandrahina dia nisy ny olona may vokatry ny firehetana, nisy ny naratra sy namoy ny ainy vokatry ny fifanosehana. Nisy mihitsy aza ireny fitifirana namoizana ain'olona, teny Ambohitsorohitra ireny.
Ny tenako manokana dia anisan'ny teny Antaninarenina, ny andron'ny 7 febroary. Tsy nanam-po na inona na inona, niaraka tamin'ny mpanao gazety namana, nanaraka ny vahoaka, niainga teny amin'ny kianjan'ny 13 mey. Rehefa nipoaka tokoa ny basy dia nitady toerana nahafahana niafina, mandra-pilamindamina. Fotoana lavalava taty aoriana vao nifampiantso tamin'ny namana, nifampiarahaba fa tsy maty fo manan'aina.
Ny krizy 2018 moa no azo lazaina ho maivana, miohatra tamin'ny hafa satria na dia somary naharitra aza dia tsy nanenjana loatra ny mpitandro filaminana. Na dia somary nafana aza ny fifandresen-dahatra tamin'ny mpitarika fitokonana sy iretsy farany dia nisy vokany ny fifampirerahana. Azo lazaina ho tsy dia nanao sarotra tamin'ireny fotoana ireny ny fitandraham-baovao.

***Gazetiko : Iaraha-mahalala amin'ity asantsika ity fa misy manam-pahefana mitady ny fomba rehetra hampanginana ny mpanao gazety. Nanao ahoana ny nialanao tamin'izany ?***

**V.R.** : Tsy azo lavina fa tsy ilaozan'izay tompon'andraikitra te hanatsara ny seho ivelany sy hanafina ny tsy fanarahan-dalàna ataony na fihetsika ahiany no manaratsy azy, manoloana ny lehibeny sy ny vahoaka azy ka mampiasa ny fahefany, hampanginana ny mpanao gazety. Izaho manokana, soritako fa mbola tsy nisedra olana mahakasika izany. Ny fitandremana no natao betsaka ka niezaka hatrany namoaka vaovao voamarina. Na raha toa ka nampaihiahy izy ireny dia fadiana ny mamoaka anaran'olona. Efa nisy kosa anefa ny fiantsoana ny tenako, teny anivon'ny mpitandro filaminana mpanao famotorana, tsy noho ilay vaovao diso fa noho ny faneren'ny mpitory ny tenako namoaka ny loharanom-baovao. Ny zava-nisy dia namaly am-panjana ny fanontaniana, saingy tsy namoaka hatramin'ny farany ny loharanom-baovao. Rehefa nifandresy lahatra dia afaka nody. Ny lehibe isan-tokony koa moa nanohana hatramin'ny farany. Tranga indray mandeha tsy niverina, nandritra ny 24 taona nikirakirana ny asa fanaovan-gazety.

***Gazetiko : Ekena fa tsy hanome fahafaham-po ny rehetra no tanjona amin'ny asa fanaovan-gazety fa hilaza sy hitantara ny zava-misy. Raha nisy, nanao ahoana ny nandraisanao ireo tsikera mivaivay ho an'ireo izay tsy mankasitraka ny vaovao nosoratana?***

**V.R.** : Amiko, mampahafantatra vaovao marina ny mpamaky no andraikitry ny mpanao gazety. Rehefa nanatanteraka ny asa tao anatin'ny fanajana ny lalàna sy ny fitsipi-pifehezana ary nihaino ny feon'ny fieritreretana dia tsy apetraka ho zava-dehibe ny fanakianana. Efa nisy izany ary ny fifampiresahana sy ny fifandresen-dahatra hatrany no namahana ny olana. Nisy moa ny nilaza ho tsy afapo ka nangataka fanitsiana, dia notanterahina izany satria ao anatin'ny lalàna tanteraka. Tsy voatery hanenjana hatrany kosa anefa fa misy ilay fomba fiteny hoe ny marina rehetra tsy filaza. Amin'izay fotoana izay dia matetika andrasana ho masaka tsara ny vaovao vao zaraina amin'ny mpamaky.

***Gazetiko : Manao ahoana ny vina sy ny fahavononana hanome fahafaham-po ny mpamaky amin'ny 25 taona manaraka indray ?***

**V.R.** :Araka ny efa nomarihiko tetsy ambony dia tiana ilay asa fanaovan-gazety, mba tsy hilazana hoe mikoriana amin'ny rà mihitsy. Hatreto aloha dia mbola vonona sy miezaka hanome ny tsara ho an'ny mpamaky hatrany, manaraka sy mandalina araka izay tratra ny fizotran'ny raharaham-pirenena. Na izany na tsy izany, amin'ny maha olombelona, tsy maintsy misy hatrany ny fetra. Antony, efa anorotoroana sy anomanana sahady ny zandry ho solofo dimbin'ny ala !

***Gazetiko : Ankoatra ny soa sy ny tsara nifandimby teo anivon'ny Gazetiko nandritra izay 25 taona izay dia teo ihany koa ny ratsy, izay tandra vadin-koditra amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona. Teny fohy hahatsiarovana ireo namana mpiara-miasa namoy ny ainy nahavita be teto amin'ny Gazetiko.***

**V.R.** : Mamerimberina ny fahatsiarovana tokoa io fanontaniana io. Nahavita be teto amin'ny Gazetiko ny mpanorina, Atoa **Mamy Rakotoarivelo** sy ny tale jeneraly Rtoa **Fafah Andriambelo** izay zoky no nandraisana azy, noho ny fitiavana sy ny torohevitra samihafa nomeny. Ankoatra izany, namana fony mbola mpianatra sady rahavavy no mpiara-miasa ihany koa izany **Jocelyne Randrianary** izany. Tsy hohadinoina ny fiarahana tamin'izy ireo. Hotohizinay ny asa fa ianareo kosa mandria am-piadanana !!!

**Nangonin'i Mamy R.**



Voahangy Rakotozafy, tonian'ny fanoratana lefitra-Gazetiko.

**25 taona**

## Fantina

# Betsaka ny zava-tsoa azo avy amin'ny fihinanana akondro



Efa mihamafana ny andro amin'izao fotoana izao, na dia tsapa aza fa mangatsiaka ny maraina, toa mivolon'andro ririnina. Noho ny hafanana dia ilaina ny misotro ranom-boankazo tsy laroina siramamy, ka fantenana amin'izany ny akondro, izay betsaka otrikaina ary ahitana azy mandavan-taona eto amintsika. Voankazo fandevonan-kanina izy, ary manalefaka ny tsy fahazakana sakafo na zavatra hafa mety hitranga. Betsaka ny soa azo avy aminy, na hanina tsotra izao fotsiny aza fa tsy atao « jus », izay tena ahazoana hery mampantanjaka. Noho ny fisian'ny « potassium – calcium – magnesium » betsaka ao aminy dia mihazona ny tosi-drà ho ara-dalàna hatrany izy. Ankoatra an'izany dia misy singa antsoina hoe « Pectine » ao aminy. Io no « Fibre soluble » mampihena ny « Cholesterol LDL ». Manampy ny fahasalaman'ny voa ny fihinanana azy, ary manatsara ny fomba fijery (système nerveuse). Manankarena "vitamines B", izay mahatsara ny fiasan'ny "neurone", miantraika amin'ny resaka fitadidiana. Mampihena ny mety hahavoan'ny AVC sy ny homamiadana, noho ny fahabetsahan'ny "potassium" ary "antioxydants" sy "fibres alimentaires". Ny "bactéries probiotiques", izay misy ao amin'ny akondro dia manampy ny fiasan'ny "calcium" ho fanamafisana ny taolana. Ireto koa ny aretina azo sitranina amin'ny fihinanana akondro sy ny zava-tsoa azo avy aminy : - miady amin'ny aretim-bavony (ulcères de l'estomac) – mampitony ny aretim-pivalanana – manafaka ny fitohanana (constipation) – miaro sy manasitrana ny "hémorroïdes" – miaro amin'ny tsy fahampian'ny rà (anémie) – manampy amin'ny fialàna amin'ny sigara (Vit.B6 sy B12, magnesium, potassium dia manampy amin'ireo miankin-doha amin'ny "nicotine") – manala makafoka (akondro, yaourt, tantely) – mampihena vatana – manampy amin'ny fahitana torimaso – mampihena ny fivontosana amin'ny kaikitry ny moka – manatsara ny hoditra sy ny volo (atambatra ny akondro, zavoka, ronono voanio, ahosotra mandritra ny 20 mn ary kobanina amin'ny rano matimaty efa maina).

Ampefy - Raharahan-tany

# Hanao fanadihadiana ny solombavambahoaka Raholdina

Nangataka ny solombavambahoaka Naivo Raoldina, filohan'ny vaomieran'ny fananantany eny anivon'ny Antenimeram-pirenena ireo mponina any Ampefy, fokontanin'Ambatonakanga. *"Amin'ny maha solombavambahoakan'i Madagasikara ny tenanay dia mampanantena anareo mponina aho fa hanao ny fanadihadiana rehetra ary tsy hanaiky ny tsindry hazolena sy fanambakana anareo mponina ambanivohitra ary hanoro hevitra amin'ny tokony hikarakarana ny antontan- taratasy rehetra mba ho aradalàna sy ara-drariny izahay"*, hoy ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. *"Noho ny fikasan'olona haka ny tanidrazanay izay lova no sady efa nohajarinay 100 taona mahery no nanaovanay antso tamin'Atoa Solombavambahoaka mba hidina ifotony hijery an'ity olanay ity,ka isaoranay azy"*, hoy ny solontenan'ny mponina. Manao antso an'ireo olona mikasa hividy sy handrodana ireo tranon'ireo mponina ireo ny depiote Naivo Raholdina mba hijery ny ara-drariny ka tsy ho voafitak'ireo mety nahavita taratasy an-tsokosoko sy tamin'ny fanambakana. Nanamafy ny solombavambahoaka Naivo Raholdina fa tsy any Ampefy irery no misy tranganjavatra toy izao fa saika manerana an'i Madagasikara, ka mbola manao antso amin' Atoa Ntsay Christian Praiminisitra lehiben'ny governemanta izy mba hanao laharam-pahamena an'ireo didim-panjakana alefan'ny Minisiteran'ny fanajariana ny tany sy ny fananantany, mba hankatoavina amin'ny filankevitry ny Minisitra ho famahana ny olana amin'ity ady tany miverimberina ity sy hahafahana mampizaka ny zon'ny mpanajary tany, indrindra ireo any ambanivohitra sy ireo tsy dia mahay taratasy na ireo manan-katao.

**HAR**

Fampianarana ambony

# Mpianatra 6 naiditra am-ponja vonjimaika

Taorian'ilay raharaha fandorana ny tranon'ny mpianatra sy fandratrana mpianatra nitranga tao amin'ny oniversiten'i Mahajanga ny 20 febroary teo, dia mpianatra 6 tamin'ireo 17 natao fanotorana no naiditra am-ponja vonjimaika. Fananana iombonana tokoa no nosimbaina ary tsy mendrika ho an'ny mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo ny fihetsika feno herisetra toy izao. Natao ho anatra ho an'ny hafa ihany koa ny fandraisana fanapahankevitra sy mba hisorohana amin'ny ho avy. Tetsy ankilan' izany, efa niverina amin'ny laoniny ny fampianarana eny amin'ny oniversiten' Antananarivo ary nisy ny fanatsarana ny fotodrafitrasa hahafahan'ny mpianatra misitraka herinaratra eny amin'ny ESPA Vontovorona. Voalaza mantsy fa efa nanomboka ny faran'ny herinandro lasa teo ny fananganana ireo andrimby 12 ataon'ny Jirama eny amin'ny polytechnique Vontovorona. Efa voasolo ihany koa ireo "cable" 150 metatra eny an-toerana ary miditra amin'ny fanamboarana ireo "disjoncteur" tao amin'ny Bloc 16 izy ireo. Taorian'ny fankatoavana ny fampiasam-bola ahafahana mamerina ny jiro tamin'ny filankevitry ny governementa dia natomboka omaly ny asa fanarenana ho an'ny oniversiten'Antananarivo mankany amin'ny "École Supérieure des Sciences Agronomiques".

**Nath**

Fiovaovan'ny toetr'andro

# Miloko mena avokoa ireo tondro manambara ny faharefoana aty Afrika

Marefo ny kaontinanta afrikanina. Izay no azo ambara raha ny fiantraikan' ny fiovan'ny toetradro no asian-teny. Tafiditra ao anatin'izany ny fifindramonina, fahafahana mahazo tolotra ara-pahasalamana, ny fitantanana, rano, fanjariana ara-tsakafo, fahantrana. Eto Madagasikara dia mihamitombo ny fahamainan' ny tany sy ny haintany, mihabetsaka ny orana izay miteraka tondradrano, mihamatanjaka ny rivodoza hatramin'ny taona 2000. Any Eoropa kosa anefa, ambony ny fahafahan'izy ireo miatrika ny fiovan'ny toetr'andro ka mahatonga azy ireo tsy misy ahiana. Fantatra izany nandritra ny kaonferansa mikasika ny « Fiovaovan'ny toetr'andro, ny zava-misy sy ny fanamby ho an' i Madagasikara », izay nokarakarain'ny Sekoly Ambony momba ny Zo sy ny Siansa Politika na ESD tetsy Nanisana ary nanasany manampahaizana maro. Nilaza Randrianarivelo Mamy, meteorologue, nandritra io fotoana io fa: *"tsy mifanaraka amin'ny hamehana misy ny fepetra raisina mandritra ireny COP ireny. Ho antsika Malagasy, misy ireo manampahaizana manokana nanao fikarohana saingy tsy fantatry ny olona izy ireny. Eo ihany koa ireo famatsiam-bola "fond climatique" izay azo ampiasaina fa mila fahaiza-mitantana.»* Nasaina nanatrika izany loabary an-dasy izany ireo mpianatra ao amin'ny ESD, satria mifandraika amin'ireo lalam-piofanana omena ireo mpianatra ny lohahevitra, hoy kosa i Franck Randrianasolo, filoha mpanorina ny ESD. Nanamafy kosa ny Dr Andriamampianina Zo Aina, Talen'ny fampianarana eo anivon'ny ESD, fa ireo firenen-dehibe matanjaka no manana indostria manimba tontolo iainana, kanefa ny fiantraikan'izany dia mipaka aty amin'ireo firenena andalam-pandrosoana toa antsika.

*Efa tsapa amin'ny aty vilanin'ny Malagasy ny vokadratsy ateraky ny fiovan'ny toetrandro.*

**Nath**

Raharaha Base Toliara

# Nahariharin'ny vahoaka tamin'ny Filoham-pirenena ny fitakiany

Nohararaotin'ny vahoaka tao Toliara ny fandalovan'ny Filoham-pirenena tany antoerana. Tonga nilanja sorabaventy nangataka ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara tao amin'ny kianja Me Kira ireo mpomba ity tetikasa ity nandritra ny hetsika fizarana fanampiana notarihin'ny Filoham-pirenena sy ireo mpikamban'ny governemanta vitsivitsy ary ireo olomboatendry sy olomboafidy, tamin'ny 12 martsa lasa teo. *"Mangataka amin'ny Filoham-pirenena izahay mba hanokatra ny Base Toliara fa mamely mafy ny mosary. Afaka miasa sy mihinana izahay raha mandeha ity tetikasa ity. Tsy misy orinasa azonay iasana aty. Fa raha misokatra ity tetikasa ity dia ho afaka hiasa ny zanakay. Avy any amin'ny kaominina Maromiandra sy Belalanda ary Ankilimalininke sy Tsianisiha izahay no manao izao fangatahana izao, ka tafiditra ao anatin' izany koa ireo ben'ny tanàna."*, hoy i Jean Claude, olobe ao Toliara. Anisan'ny mampitaraina an'ireo vahoaka ao Toliara ny tsy fisian'ny asa ho an'ireo tanora, ka mahatonga azy ireo hirona amin'ny fitondrana posy bisikileta, eny fa na ireo tanora nahavita fianarana aza. Lasa manjaka koa ny tsy fandriam-pahalemana. Efa tsy lazaina intsony ny fisian'ny mosary, ary vao mainka nanampy trotraka ny fahavoazana vokatry ny fandalovan'ny rivodoza Freddy farany teo. *"Takianay ny fanokafana ity tetikasa ity mba hahafahan'ny vehivavy miasa. Lasa tsy zarirary ny fiainanay noho ny fisian'ny mosary. Tokony homendanja ny vehivavy, ary ny fisokafan'ity tetikasa dia mety hahitanay tombotsoa."*, hoy i Perline, filohan'ny fikambanam-behivavy. Araka ny fijeroana vavolombelona nataon'i Pierre Limbozara, mponina ao Toliara, dia tsy misy afa-tsy 5 000 Ariary isan'andro no azony amin'ny fitondrana posy bisikileta ary hoentiny mividy vary roa kapoaka hamelomany ny reniny sy ny zanany roa miara-mipetraka aminy. Eny fa na ireo mpanjono avy ao amin'ny fikambanana Akioviko aza dia manamafy ny tombotsoa ho azon'izy ireo ao anatin'ity tetikasa ity rehefa nahita ny fanohanana nataon'ny QMM an'ireo mpanjono ao Tolagnaro.

**R. Muray**




**Ireo sora-baventy nataon'ireo vahoakan'i Toliara ho an'ny Filoham-pirenena.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 986 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Bananes sucrées au lait de côcô

Zavatra ilaina: akondro 12, siramamy vovony 500g, ranona côcô 50cl, côcô voakiky 50g.
Fikarakarana azy: Avela hiarakiketrika anaty vilany mandritra ny 15 minitra ny rano iray litatra sy ny siramamy. Voasana ny akondro dia arotsaka anatin'ilay ranon-tsiramamy ary avela hiketrika mandritra ny 10 minitra indray. Alefa ao ihany koa ny ranona côcô. Rehefa izany, esorina ny akondro ary atao anaty lovia. Rarahana ilay vovon'ny côcô voakiky eo amboniny. Atao anaty lovia hafa kosa ilay saosy avy nandrahoana ny akondro dia miaraka aroso izy roa rehefa hihinana. Atao tsindrintsakafo.

## Sarisary zary tenany

*Ry zaza*




## Hatsikana an-tsary

*Mindrana toerana*




## Masoandro miposaka

**Lioka 12 : 48**

**Fa izay tsy nahalala kosa ka nanao izay zavatra tokony hikapohana azy dia hokapohina kely. Fa izay nomena be, dia be no hotadiavina aminy; ary izay nampitehirizina be, dia bebe kokoa no hadinina aminy.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana

**Raha olona iray no tsy tia ahy, mitoto koba aho hatavy ; fa raha ny be sy ny maro no tsy tia ahy, hisotro tsingala aho ho faty.**

Si je ne suis haï que d'un seul, je préparerai de la farine pour m'engraisser ; mais si tous me haïssent, j'avalerai une " tsingala " pour mourir.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2903

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | | | | 1 | 5 | |
| | | | 2 | | | 8 | | 7 |
| | | | 5 | 3 | | | | 9 |
| | | | | 2 | 1 | 6 | | |
| 7 | | 1 | 6 | | | | | |
| | | | 8 | | | | | |
| | 1 | 5 | 3 | 8 | | | | |
| | 4 | | | | | | 1 | |
| | | 3 | | 4 | 6 | | 2 | |

Valin'ny laharana 2902

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | 2 | 9 | 6 | 1 | 7 | 4 | 5 |
| 5 | 1 | 9 | 8 | 4 | 7 | 2 | 3 | 6 |
| 7 | 4 | 6 | 2 | 3 | 5 | 1 | 9 | 8 |
| 1 | 6 | 8 | 4 | 2 | 9 | 3 | 5 | 7 |
| 9 | 7 | 3 | 6 | 5 | 8 | 4 | 1 | 2 |
| 2 | 5 | 4 | 7 | 1 | 3 | 6 | 8 | 9 |
| 6 | 2 | 5 | 1 | 9 | 4 | 8 | 7 | 3 |
| 3 | 8 | 1 | 5 | 7 | 6 | 9 | 2 | 4 |
| 4 | 9 | 7 | 3 | 8 | 2 | 5 | 6 | 1 |

Ambatondrazaka

# Ben'ny tanàna maty tao amin'ny trano fandraisam-bahiny

Namoy ny ainy ny ben'ny tanànan'i Anororo, distrikan'Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro. Maty tao amin'ny hotely fandraisam-bahiny iray tao Ambatondrazaka, omaly tokony tamin'ny 10 ora maraina. Araka ny fanazavana dia nisy vehivavy iray voalaza fa mpiara-miasa aminy niaraka taminy niditra tao amin'io hotely fandraisam-bahiny io. Gaga anefa ny mpiandry hotely, ora vitsy taorian'izay, raha nantsoin'ity vehivavy niaraka taminy ity fa hoe tsy nahatsiaro tena ilay ben'ny tanàna. Noezahina nentina tany amin'ny hopitaly ihany saingy tsy tana intsony ny ainy. Raha ny angom-baovao voaray dia vao tsy ela no nivahiny tao amin'io hotely io ity ben'ny tanàna ity sy ny vady aman-janany. Hatreto raha ny angom-baovao voaray hatrany dia voalaza fa resaka asa no anton-dian'ity farany tao amin'io hotely ity, omaly. Ahiana ho azon'ny tsy fahasalamana tampoka anefa izy, izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Mandeha moa ny fanadihadiana ka andrasana ny mety ho tohin' ny raharaha. Tonga nitsapa alahelo sy nampahery ny fianakaviany tao amin'ny CHRR Ambatondrazaka ny Governoran'ny Faritra Alaotra Mangoro sy ireo mpiara-miasa aminy niaraka tamin'ireo solontenan'ireo ben'ny tanàna, ary ireo mpiara-dia sy mpiray antoko aminy.

**Ariel D.**

Ambilobe

# Tafakatra 32 ny razana hita tamin' ilay loza an-dranomasina

Nitombo hatrany ny isan'ny maty tamin'ilay loza an-dranomasina tao amin'ny fokontany Ankazomborona, kaominina Beramanja distrikan' Ambilobe. Nitohy hatrany fikarohana ka razana 11 indray no hita omaly, talata. Ny 2 amin'ireo dia ankizy, hita tao amoron-dranomasin'ny Nosy Faly, Antafiambotry distrikan'Ambanja ary ny 9 kosa natsingevan'ny ranomasina tao Mahabo Anjiamanoro, 5 km miala ny Nosy Faly. Efa nentin'ireo fianakaviany ny razana 4 tamin'ireo namoy ny ainy. Araka izany dia tafakatra



32 ny isan'ny namoy ny ainy tamin'ity loza ity, ka ny 23 amin'ireo dia zaza amam-behivavy avokoa . Efa misy ny olona nasamborin'ny zandary any an-toerana izay ahiahiana sy voarohirohy ho nikarakara sy fampandehanana an-tsokosoko an'ireto olona ireto. Fantatra fa 5 no voatazon'ny zandary ary mbola misy olona 2 namoahana didy fikarohana. Ankoatra izay dia nisy vehivavy 2 ihany koa no anisan' ireo avotra tao anatin'io sambo rendrika nitondra olona an-tsokosoko ho any Mayotte, no voasambotra tany Antsohihy.

**Ariel D.**

Fenoarivobe

# Nirefodrefotra ny basy, 20 lahy no nanafika

Nisehoana asan-jiolahy tany amin'ny tanàna iray ao anatin'ny kaominina Firavahana, any amin'ny distrikan'i Fenoarivobe, ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Dahalo manodidina ny roapolo nirongo fitaovampiadiana mahery vaika no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Rehefa tonga avy any ry zalahy ka nigadona teo amin' ilay tanàna nokendreny hanaovana ny asa ratsy dia nanapoapoaka basy. Nanoloana izany, noho ny tahotra ny ainy dia tsy sahy nivoaka ny olona fa samy namitsaka tany an-tranony avokoa. Avy rahateo ny orana tamin'io fotoana io ary maizim-bolana ihany koa ny andro ka izany rehetra izany no nanararaotin'ireo olondratsy ka niliba nanaovany izay danin'ny kibony. Navoakany daholo ny omby teo an-tanàna ary nentin-dry zalahy nandeha avy eo. Taorian'izay, nifamotoana ny fokonolona nanao ny fanarahan-dia. Efa nampilazana ihany koa ny mpitandro filaminana ka nanampy tamin' izany. Fantatra fa nitodi-doha nankany amin'ny kaominina Kiranomena ny dian'omby. Marihina fa tsy nisy ny aina nafoy nandritra ny fanafihana. Nanamarika ny mponina fa lasa nahazo vahana indray ny asan-dahalo tany an-toerana.

**T.H**

Rocade Tsarasaotra

# Mpitaingina bisikileta maty voadonan'ny 4x4

Nisehoan'ny lozam-pifamoivozana nahafatesana olona teny amin'ny Rocade Tsarasaotra teny Ambodifasina Tsimahafotsy, afakomaly tokony ho tamin'ny11 ora. Lehilahy iray nitaingina bisikleta no maty voadonan'ny fiara 4x4 tamin'io fotoana io. Tao anaty fiolanan-dalana ivelan'ny tanàna no nifanehatra ireo fitaovam-pitaterana roa ireo. Nianjera ary voamafy tamin'izany ilay mpitondra bisikelta. Nentina haingana namonjy hopitaly izy saingy noho ny ratra mafy nahazo azy dia tsy tana intsony ny ainy nony tonga teny. Nahitana fahasimbana ihany koa ilay fiara sy ilay bisikileta. Araka ny filazan'izy ireo dia noho ny fandehanana mafy teo amin'ny andaniny sy ny tsy fitandremana teo amin'ny ankilany no nahatonga izao loza izao. Efa nisy nampandre ny zavanitranga ny zandary ka efa tonga teny amin'ny toerana nisehoan'ny loza nanao fitsirihana.

**T.H**

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

## AKON'NY DIAN'NY MINISITRY NY FANABEAZAM-PIRENENA AO AMIN'NY FARITRA ATSIMO ANDREFANA (PART 2)

### *Alatsinainy 13 martsa 2023: Vonjy rano vaky tao Morombe*

Nitohy tao amin'ny distrikan'i Morombe, toerana izay nitondra takaitra noho ny fandalovan'ny rivodoza "***Freddy***" ihany koa ny dian'ny delegasiona notarihin'ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA mivady notronin'ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena Marie Michelle SAHONDRARIMALALA. Tanjona amin'izao fidinana ifotony izao ny dinika iarahana amin'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny entina hanampiana ireo niharam-boina sy hanarenana ireo fotodrafitrasa simba indrindra ny fotodrafitrasa an-tsekoly. Nozaraina vatsy ireo olona marefo ao an-toerana ahafahan'izy ireo miatrika ny andavanandrom-piainany ka tsy diso anjara tamin'izany ireo mpampianatra sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra ao an-toerana. Miara-misalahy amin'izany hatrany ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA mivady sy ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena Marie Michelle SAHONDRARIMALALA. Taorian'izay, dia nisy ihany koa ny fizarana sakafo mafana ho an'ireo olona marefo.



### *Fizarana ireo fanomezana ho an'ny ankizy avy amin'ny ONG SHOESBOX SAMARITAN'S PURSE sy ny ONG Tetikasa Ankizy Krismasy (TAK) tao Toliara*





Ny tolakandron'ny alatsinainy 13 martsa dia nitodi-doha ao amin'ny distrikan'i Toliara I ny dian'ny delegasiona. Ankizy 2 hatramin'ny 14 taona miisa 7200 avy amina sekolim-panjakana sy miahy tena miisa 8 sy ireo zanakin'ny fiangonana isan-tsokajiny ao Toliara no nisitraka fanomezana avy amin'ny ONG SHOESBOX SAMARITAN'S PURSE sy ny ONG Tetikasa Ankizy Krismasy (TAK) ary ny Fitondram-panjakana. Ireo fanomezana ireo dia ahitana kilalao, vatomamy, fitaovam-pianarana, fitafiana mafana avy amin'ny ankizy amerikana. Mifanome tanana hatrany amin'ny fizarana izany ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA mivady sy ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena Marie Michelle SAHONDRARIMALALA. Nandritra ny lahateniny dia nanamafy ny fahendrena hananan'ny zaza Malagasy ary koa nanentana ny olom-pirenena rehetra na ny mpitondra mba haka tahaka ireo zaza ka hanaiky fandaminana sy hizara fitiavana hatrany ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena. Tsy nadinony ihany koa ny nitondra ny teny fisaorana ho an'Andriamatoa Filoham-pirenena Andry RAJOELINA mivady noho ny fitsinjovana manokana ireo zaza Malagasy satria izy ireo no hoavin'ny firenena. Nisaotra manokana an'ireo ONG SHOESBOX SAMARITAN'S PURSE sy ny Tetikasa Ankizy Krismasy (TAK) ihany koa ny tenany.

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENANA
Trano Boribory Anosy
Ministeran'ny Fanabeazam-pirenana Ofisialy
Numéro vert : 020 30 807 86
www.education.gov.mg

G CL 406/31-8